Soso-kevitra **loabary an-dasy** Carlton 4 febroary

Ireo mpandray anjara dia samy naneho ny fomba fijeriny ny zava-misy anke-hitriny eto amin'ny firenena ary nandroso soso-kevitra manoloana izany.

Nanamarika fa :

- Tokony hampandefitra ny ambom-pony ny Ankolafy rehetra ka hibanjina ny tombon-tsoa ambonin'ny Firenena
- Laharam-pahamehana ny famahana ny olana fa tsy ny ady seza
- Tsy nampiharina ny fifanarahana notapahina sy ny tenierana tany Maputo sy Addis-Abeba.
- Tsy mendrika ny Vahoaka Malagasy ny fanasaziana ara-toe-karena manoloana ny fasahiranana efa mianjady aminy.

Sakana maro samihafa :

- Ny fandavan'ny Ankolafy iray tsy hanaraka fotsiny izao ny voarakitra tao amin'ny fifanarahana voasonia,

- Ny fitiavan-tena, ny fitiavam-bola, ny fitiavam-pahefana misy eo amin'ny ireo Mpitarika sy Mpanao politika,

- Ny fidiran'ny hery vahiny eo anivon'ny raharaha politika eto Mada-gasikara, ka mety hahatapaka ny fiaraha-miasa,

- Ny tsy fanajana ny soatoavina maha-malagasy : ny firaisankina, ny fihavanana, ny fifanajana.

SOSO-KEVITRA AROSO:

- Fiverenana amin'ny fifampiresahana an-databatra boribory ao anatin'ny toetra feno fanetren-tena sy fibanjinana ny tena tombotsoam-pirenena,

- Fampiharana ny satan'i MAPUTO sy ny tovana ADDIS-ABEBA, iarahan'ny Ankolafy rehetra mandray andraikitra,

- Ny Foloalindahy, manda aron'ny vahoaka fa tsy ho hery famoretana. Antoka sy miantoka ny fampiharana ny fifanarahana tany MAPUTO sy ADDIS ABEBA. Ny fijoroan'ny Foloalindahy amin'izany no adidiny sy andraikiny "Ho an'ny Tanindrazana",

- Ny Olobe isam-paritra sy ireo Olobe eto amin'ny Firenena no hanampy amin'ny fanelanelanana ho famahana ny olana sy ho fanantanterahana ny fifame-lan-keloka isan-tsokajiny,

- Atsangana ny rafitra mpanara-maso manokana sy mahaleotena hana-kana ireo mpitondra tsy hanelingelina sy tsy haneritery ny asan'ny CENI,

- Saziana izay Ankolafy tsy manaja sy tsy mampihatra ny fifanarahana tany MAPUTO sy ADDIS-ABEBA, fa tsy ny Malagasy no atao sorona,

- Aroso ny fifidianana rehefa tafapetraka ny Rafitra sy ny Andrim-panjakan'ny Tetezamita iraisana,

- Hajaina ny fahalalahana hiteny, ny haino aman-jerim-panjakana dia tsy miandany. Rafitra manokana no mitantana azy,

- Fampanjakana eto amin'ny tany sy ny firenena ny Fihavanana, Fifande-ferana, Fifamelan-keloka,

- Apetraka ny rafitra mahaleon-tena mandinika manokana ireo maratra, mitondra voina, sy ireo gadra noho ny antony ara-politika rehetra,

Mankasitra ireo rehetra nandray anjara.